INO MALAZA N°12 AVRIL 2018

Tsiahin'ny zava-niseho vitsivitsy tamin'ny taona 2017 dia:

– ny fifampizaràna ny kanto amam-pahalalana ao anaty fety

– ny fanentanana ny maha-olom-pirenena

– ny fanakatonana ny faha-50 taonan'ny TAPORI

Ny akon'ny fivondronan'ireo Fikambanana manana tranom-boky eny amin'ny faritra iva

Atrikasa vitsivitsy natao ny taona 2018 dia:

– ny asa vadi-drano nokarakarain'ny ATD Quart Monde tany amin'ny Kartie

– ny "Université populaire" niresaka momba ny fanadiovana faobe nasionaly sy ireo asa vadi-drano ireo

EDITORIAL

Ho voatahirin'ireo fianakaviana ireo ao aminy foana ve ny tany nampanantenaina?

Ho tohin'ny Savaranonando tao amin'ny Ino Malaza laharana faha11 dia nafindra toerana any amin'ny 3 km eo ho eo miala an' Andramiarana ny fanariam-pako tao ary dia miteraka fahasahiranana ho an'ny mponina izany.Tamin'ity taona ity koa, noho ny orana avy matetitetika dia niaina tao anaty rano foana ny fianakaviana sasantsany. Taloha anefa tsy ohatra izany. Resahina indray ankehitriny ny fanohizana ny fanamboarana ny lalan'ny Filoha. Azon'ny fianakaviana 12 voakasiky ny fandravana ny maha-zava-dehibe an'io tetikasa io taorian'ny fotoana maharitra nandinihana izany fa mangataka kosa izy mba tsy hatao sira latsaka an-drano ny laniny rehetra noho ny ezaka nataony nandritra ny taona maro. Teraka indray ny tahotra: Aiza indray no mbola hitondrana anay? Efa mba hisy zavatra kely ve eo am-pelantananay hahafahana manorina any rehefa tonga ny fotoana? Inona indray no fampanantenana holazaina anay… amin'ity indray mitoraka ity…?" Iarahantsika mahalala fa manan-jo honina amin'ny tany ny olona rehetra fa mbola hanana fanantenana ny tany nampanantenaina ve ireo fianakaviana ireo?

Amélie KAMONY RAJAONARISON

Download Malgache